**LAZA ADINA I : Fanontaniana Tsy maintsy valiana.**

1)-Milaza toetra telo mampiavaka ny tsiny sy ny tody.

2)- Inona no atao hoe : vintana mifaniho ?

3)- Milaza asa soratra iray avy nosoratan'i E.D. ANDRIAMALALA , Andry ANDRAINA ary RANDRIAMIADANARIVO.

**LAZA ADINA II : Isafidianana ny A sy B.**

A-FAMAKAFAKAN-KEVITRA.

Hoy ny mpandinika iray : « Ny fahatahorana ny tsiny no mahatonga ny olona hanaja sy hametraka ny hafa amin'ny toerana tokony hisy azy ». Fakafakao.

B- FANADIHADIANA LAHATSORATRA :

Ny razana.

Ny Razana nipoirana no toy ny fanamarinana ahalalana ny olona mahazo miara-monina eo amin'ny toerana iray. Noho izany , zava-dehibe teo amin'ny Ntaolo ny mahafantatra tsara ny Razana niaviany. Manana toerana lehibe eo amin'ny fitaizana ny tantaran-drazana, ary adidy tsy azon-dry Nenibe sy ry Dadabe nialana izany(...).

Fa ankoatra izany, dia ao ilay fitenenana hoe : « velona iray trano , maty iray fasana ». Koa io foto-kevitra nananan'ny Ntaolo momba ny Razan io ihany koa no nanery azy hiray. Io firaisana avy amin'ny alalan'ny Razana, io ihany koa no nahatonga ny Ntaolo hitandrina fatratra eo amin'ny fanambadiana, ka tsy akany vady avy amin'ny Razana hafa ary nahatonga ilay fitenenana hoe : « Tsy mandady amin'ny hazo tsy fantatra izahay ».

Charles RAVOAJANAHARY.

Hadihadio ny lahatsoratra.

**VALINY AZO AROSO.**

**LAZA ADINA I :**

1)-Ireo toetra telo mpiavaka ny tsiny sy ny tody :

| NY TSINY | NY TODY |
|---|---|
| Ratsy foana. | Mety ho tsara na ratsy. |
| Azo sorohina. | Tsy maintsy mihatra. |
| Mihatra amin'izay nanao ny fahadisoana. | Mety hihatra amin'ny taranaka. |

2)- Ny atao hoe vintana mifaniho , dia vintana roa mifanohitrra eo amin'ny mpivady, ka mahatonga azy ireo tsy hahomby amin'izay zavatra atao, mitarika azy ireo ho amin'ny fiainana mitsipozipozy.

3)- Ireo asa soratra :

- E.D. ANDRIAMALALA : Ny Fanagasiana,

**LAZA ADINA II :**

A-FAMAKAFAKAN-KEVITRA.

### *DRAFITRA AMIN'NY ANTSIPIRIANY :*

FR : Ny tsiny.

FK : Mitera-boka-tsoa eo amin'ny fifandraisan'ny mpiara-monina ny finoana ny tsiny.

Olana : Inona no azo ambara mikasika izany fiheverana izany ?

RH1-Ny fanomezana hasina ny hafa.

ZK1-Fanarahana ny lalàn'ny fifandraisan'ny fiaraha-monina.

***PK. Ohabolana : « Ny tsiny fandrava, ny saotra fiarenana ary ny tso-drano odin'ny tsiny ».***

ZK2-Tsy fanitsakitsahana ny maha-olona.

***PK. Mpandinika iray : « Ny olombelona dia zava-boahary ambony indrindra amin'ireo izay noharian'Andriamanitra »***

RH2- Ny fanaovany ny rariny amin'ny mpiara-belona.

ZK1-Fiezahany hanome lanja ny maha-izy azy ny tsirairay.

***PK-Zava-misy : Tsy fanararaotana ny fahefana ananana, hanasaziana ny ambany raha misy tsangan-kevitra kely mifandiso amin'ny mpitondra.***

ZK2-Fanomezana tombontsoa tandrify ny hafa.

***PK. Ny fihetsik' i AZIZ manoloana an'iTSIRY.***

RH3-Ny fiantraikan'izany eo amin'ny fiaraha-monina.

ZK1- Mihamafy ny fifandraisan'ny mpiara-monina.

***PK.Zava-misy : Teny sy fihetsika : « Aza fady ! ».***

ZK2-Milamina ny fiainam-piaraha-monina.

***PK. Zava-misy : samy miezaka haneho fitondran-tena mendrika ny tsirairay.***

### FAMAKAFAKANA FENO IZAY HORAKETINA AO AMIN'NY TARATASIM-PANADINANA.

*Anisan'ireo karazan-kery nentin'ny Malagasy nandrindra ny fiaianany ny tsiny. Ny mpandinika tsirairay avy anefa dia samy manana izay ambarany mikasika azy io. Miavaka amin'ireny ny voalazan'ity mpandinka iray ity hoe : **« Ny fahatahorana ny tsiny no mahatonga ny olona hanaja sy hametraka ny hafa amin'ny toerana tokony hisy azy »**. Asehony eto fa mitera-boka-tsoa eo amin'ny fifandraisan'ny mpiara-belona ny finoana ny tsiny. Inona àry no azo ambara mikasika io fiheverana io ? Mba hahafahana mamaha io olana io, dia hodinihina voalohany, etsy ambany, fa miteraka fanomezana hasina ny hafa ny tsiny ; faharoa manaraka izany, ny fanaovana ny rariny amin'ny mpiara-monina ; ary farany, ny fiantraikan'izany eo amin'ny fiaraha-monina.*

*Noho ny finoana ny tsiny, dia manome hasina ny mpiara-monina aminy ny olona. Misongadina amin'izany àry fa misy ny fanarahana ny lalàn'ny fifandraisana eo amin'ny fiaraha-monina.Zava-dehibe tokoa izany, satria ny tsy fanomezan-danja ny fitsipika dia miteraka toe-javatra tsy ampoizina eo amin'ny fiainana.Azo antoka fa hanao fahadisoana eo amin'ny fiaraha-monina ny olona, na mivantana izany na an-kolaka. Ny fiheverana ny tsiny anefa dia misakana mari-drano ny olona tsy hanao izay tiany hatao eo amin'ny fiaraha-monina. Izay no mahatonga ny Ntaolo hiteny hoe : **« Ny tsiny fandrava, ny saotra fiarenana ary ny tso-drano odin'ny tsiny »**.Mametraka ny olona hiaina eo ambanin'ny fitsipika aman-dalàna ny tsiny.*

***Ankoatra izany,** mitarika ny olona tsy hanitsakitsaka ny maha-olona ny finoana ny tsiny. Satria samy voahary noharian'Andriamanitra ny olona, noho izany, mitovy ny hasina ananany. Dia izay maha-olona izay no asongadina hatrany, fa raha tsy izany dia miteraka korontana eo amin'ny rafitra mijoro izany .Izay no porofoin'ny mpandinika iray amin'ny hoe : **« Ny olombelona dia zava-boahary ambony indrindra amin'ireo izay noharian'Andriamanitra »**. Tokony hikajy mandrakariva izay toerana misy azy izay ny olona.*

***Hita teo fa miteraka fanomezan-kasina ny hafa ny finoana ny tsiny.Taratra tamin'izany fa miezaka ho olona voafehin-dalàna ny olona ary mametraka tsara izay maha-olona azy izay. Mba ahoana kosa àry ny fanaovany ny rariny amin'ny mpiara-monina aminy ?***

*Mipetraka ny rariny, noho ny finoana ny tsiny ihany. Ahitana izany ny fiezahan'ny olona hanome lanja ny maha-izy azy ny tsirairay eo amin'ny fiaraha-monina. Miezaka mifamantatra izy, ka samy mifanaja amin'izay toerana misy azy avy. Tsy misy afaka manao tsinontsinona izany ny rehetra. Porofo manamafy izany **ny fihetsika asehon'ny mpitondra sasany, amin'ny alalan'ny tsy fanararaotana ny fahefana ananana hanasaziana ny ambany raha misy tsangan-kevitra mifandiso amin'ny azy.** Ny azo tsoahina avy amin'izany, dia tsy maintsy tsinjovin'ny tsirairay hatrany ny maha-olona ny olona.*

***Tsy izany ihany** koa fa mahatonga ny olona hanome izay tombontsoa tandrify ny tsirairay eo amin'izay misy azy ny finoana ny tsiny.Tsy vitan'ny hoe manome lanja ny maha-izy azy ny olona, fa izany dia tsy maintsy arahina tombontsoa mifanaraka aminy.Ny fametrahana ny olona amin'ny maha-izy azy sy ny toerana tokony hisy azy dia mifamatotra amina tombontsoa hatrany. Anisan'ny itarafana ny fahatahorana ny tsiny eo amin'ny olona izay.**Ohatra, tsy mety ny fitondran'i AZIZ ireo mpiasany, ao amin'ny VAKIVAKIM-PIAINANA, satria ampiasainy izy ireo kanefa fametsifetsena no asetriny izany mba hanambakana azy ireo** Ny olona rehetra dia tokony handray ny valin-kasasarana mifandraika amin'izay asa ataony.*

***Voalaza àry fa ny finoana ny tsiny dia miteraka ny fanaovana ny rariny eo amin'ny fiaraha-monina : fanomezana lanja ny maha-izy azy ny tsirairay sy fanomezana tombontsoa mifanitsy amin'ny toerana misy ny tsirairay. Fa mba inona kosa no fiantraikan'izany eo amin'ny fiaraha-monina ?***

*Maro tokoa ny akon'izany eo amin'ny fiaraha-monina. Minamafy orina ny fifandraisan''ny mpiara-belona. Noho izany, dai hita fa mifankahazo tsara ny mpiara-monina, satria samy miezaka hanome fahafaham-po ny manodidina azy eo amin'izay ataony.Araka izany, dia loharanon'ny firindran'ny fifandraisana ny finoana ny tsiny.Manaporofo izany ny fiezahan'ny olona hisoroka ny tsiny na am-bava na fihetsika, toy ny **« Aza fady !» sy ny fiondrehana raha mandalo eo alohan'olona.** Ny teny avoaka sy ny fihetsika dia miantoka ny fahamafisan'ny fifandraisana eo amin'ny mpiara-belona*

***Andanin'izany,** ny finoana ny tsiny dia miteraka ny filaminam-piaraha-monina amin'ny ankapobeny. Rehefa mifampitondra araka ny tokony ho izy ny mpiara-monina, dia mirinda ho azy ny fiainam-piaraha-monina. Ny finoana ny tsiny no mahatonga ny olona haneho fitondran-tena mandeha amin'ny fahamarinana.Mbola izany ihany koa no mahatonga azy hamita ireo adidy aman'andraikitra miandry azy ary misakana azy tsy hanao ratsy. Azo tsoahina amin'izany fa lalana ho amin'ny fampijoroana ny fiaraha-monin'ny olona ny finoana ny tsiny.*

*Raha fintinina izay voalaza teo ambony dia hita fa manana ny anjara toerany eo amin'ny fiaraha-monina raha ny finoana ny tsiny.Miantoka ny fifanajan'ny mpiara-monina izany ary fototry ny fampanjakana ny rariny ihany koa, izay misy akony lehibe eo amin'ny fiainana'ny fiaraha-monina. Azo lazina àry fa finoana sarotra hamaivanina eo amin'ny olona ny tsiny, satria sady miantoka ny fandrindrana fiainam-piaraha-monina izany no famolavolana ny tsirairay ihany koa ho olom-banona. Inona àry no fepetra azo raisina mba handrindrana izany finoana izany amin'ny tena fampandrosoana amin'izao fotoana*

B- FANADIHADIANA LAHATSORATRA :

**DRAFITRA AMIN'NY ANTSIPIRIANY :**

FR : Ny razana.
FK : Manan-danja lehibe eo amin'ny Malagasy ny Razana.

RH1- Ny anjara asan'ny Razana eo amin'ny fiaraha-monina
ZK1- Miantoka ny fidiran'ny tsirairay ao anaty fiaraha-monina
***PK : « Ny Razana nipoirana no toy ny fanamarinana ahalalana ny olona mahazo miara-monina eo amin'ny toerana iray ».***
ZK2 : Mamolavola ny taranaka ho olom-banona ny Razana.
***PK : « Manana toerana lehibe eo amin'ny fitaizana ny tantaran-dRazana . . . »***

RH2- Ireo voka-tsoa ateraky ny finoana ny Razana.
ZK1- Manamafy ny fihavanana eo amin'ny mpiara-belona.
***PK : « Koa io foto-kevitra nananan'ny Ntaolo momba ny Razana io ihany koa no nanery azy hiray »***
ZK2 : Manamafy ny fanajana ny fomba amam-panao.
***PK : « Io firaisana avy amin'ny alalan'ny Razana io ihany koa no mahatonga ny Ntaolo hitandrina fatratra eo amin'ny fanambadiana, ka tsy akany vady avy amin'ny Razana hafa . . . ».***

**FANADIHADIANA FENO IZAY HORAKETINA AO AMIN'NY TARATASIM-PANADINANA.**

*Kolon-tsaina nanana ny maha-izy azy teo amin'ny Ntaolo malagasy ny finoana ny Razana. Tsirin-kevitra maro anefa no mivohitra avy amin'ireo mpandinika samihafa mikasika azy io. Iray amin'ireny ny voalazan'i Charles*

RAVOAJANAHARY eto amin'ity lahatsoratra ity, izay mitondra ny lohateny hoe : « Ny Razana ». Misongadina eto àry fa manan-danja lehibe eo amin'ny fiaraha-monina malagasy ny Razana. Mba hahafahana manadihady izany, dia hodinihina voalohany , etsy ambany, ny anjara asany ; faharoa, ny voka-tsoa ateraky ny finoana azy.

Fa inona moa ny andraikitry ny razana eo amin'ny fiaraha-monina ? Asongadin'ny mpanoratra voaloahany amin'izany fa miantoka ny fidiran'ny tsirairay ao anaty fiaraha-monina izy. Ho an'ny Malagasy , dia tsy ataony ambanin-javatra ny fahalalana ny Razana nipoiran'ny olona hiara-honina aminy. Antoky ny fahamarinam-pototry ny fifandraisana eo amin'ny mpiara-belona io. Izany no natao dia mba hialana amin'ny tsy fifampitokisana sy ny ahiahy samihafa mety hitranga. tokoa Sady olona no manamora ny fisokafanaa aminy . Hoy ny mpanoratra raha maneho ny heviny : **« Ny Razana nipoirana no toy ny fanamarinana ahalalana ny olona mahazo miara-monina eo amin'ny toerana iray ».** Ny azo manamafy orina ny fifandraisana izany no manatsara ny fihavanana, ny fiaraha-monina. Ny fahalalana hoe : iza ny Razan'ilay tsoahina avy amin'izany dia izao ; an-daniny, tsy tian'ny Malagasy raha ny hasina ananany no voahosihosin'ny olon-kafa tsy mitovy aminy ; an-kilany tsy eken'ny sainy raha ny lamina efa mipetraka no hokorontanin'ny hafa avy aty ivelany.

Ankoatra izany, dia famolavolana ny taranaka ho olom-banona ny Razana. Tsy nataon'ny Ntaolo ambanin-javatra ny fanabeazana ireo fara sy dimby. Teo ny fanaovana tetiarana na tantara raza ; misy ihany koa ny fampitana ireo fomba amam-panao mampiavaka ny Razana. Ny tanjona amin'izany, dia ny hananana taranaka vanona sy mendrika ny Razana nipoirana. Tsy tantin'ny Malagasy mantsy ny ho resy tondro maso , eo amin'ny fiaraha-monina, ka hahavoatonona ny anaran'ny Razana, amin'izay tsy fahalavorariana mety hitranga eo amin'ny taranaka. Tsy mahagaga raha niezaka ny ray aman-dreny namolavola ny taranaka , tamin'ny alalan'ny fampahafantarana ny maha-izy azy ny Razana sy ny soa napetrak'izy ireo. Azo tarafina amin'izany ny fampitana ny kolon-tsaina nananan'ireo Razana. Izao no voalazan'ny lahatsoratra raha maneho izany : **« Manana toerana lehibe eo amin'ny fitaizana ny tantaran-dRazana... »**. Ny fahalalan'ny taranaka ny maha-izy azy ny Razana nipoirany dia ahafahany mandrindra ny fihetsika amam-pitondran-tenany hifaanraka amin'izay lasitra napetrany.

**Hita teo àry fa nanana ny andraikitra sahaniny teo amin'ny Ntaolo ny Razana. Miantoka ny fidiran'ny tsirairay ao anaty fiaraha-monina izy, ary ahafahana mikolokolo ny taranaka ihany koa. Fa inona kosa ny tombontsoa ateraky ny finoana azy ?**

Nisy ireo voka-tsoa nateraky ny finoana ny Razana teo amin'ny Ntaolo. Asehon'ny mpanoratra amin'izany fa manamafy ny fihavanana ny finoana azy. Mitarika ny fiaraha-monina hitovy fomba fijery sy tanjona kendrena izany. Rehefa ny Razana no ao an- tsain'ny tsirairay , dia tsy misy mihevitra ny tenany ho olon-kafa eo anivon'ny fiaraha-monina misy azy. Ary matoa tafakambana amina toerana iray ny mpiara-monina, dia sitraky ny Razana izany. Koa tsy nisy ny volo manoha-randrana , fa samy nirona tany amin'ny tanjona niaraha-nikendry ny rehetra. Noho ny finoana ny Razna àry, dia samy nanome lanja ary nikajy ny firaisan-kina amam-pihavanana ny rehetra ; ilay soatoavin'ny fiaraha-monina. Manamafy izany i Charles RAVOAJANAHARY amin'ny hoe : **« Koa io foto-kevitra nananan'ny Ntaolo momba ny Razana io ihany ko no nanery azy hiray ».** Ny finoana ny Razana no anisan'ny fototra nanamafy ny « tsy misara-mianakavy » teo amin'ny Ntaolo.

Tsy izany ihany ,fa manamafy ny fanajana ny fomba amam-panao ny finoana ny Razana. Noho ny finoan'ny Ntaolo , fa manan-kasina izy dia nametraka azy amin'ny toerana ambony ireo fomba amam-panao no nataon'ny taranaka aty aoriana. Tsy azony natao ny nanitsakitsaka ireny fomba ireny, fa notandrovany fatratra. Ny fanajan'ny taranaka izany no ahafahana mitaratra izay mampiavaka ny fiaraha-monina amin'ny hafa, ny firenena amin'ny firenen-kafa. Izany rehetra izany no maneho ny atao hoe : kolon-tsaina. Hoy ny lahatsoratra manamafy izany : **« Io firaisana avy amin'ny Razana io ihany koa no nahatonga ny Ntaolo hitandrina fatratra eo amin'ny fanambadiana, ka tsy akany vady avy amin'ny Razana hafa... »**. Antoky ny fahamarinam-pototry sy fiavahan'ny kolon-tsain'ny fiaraha-monina iray amin'ny an'ny hafa ny finoana ny Razana.

Raha fintinina na ampahatsiahivina izay voalaza teo ambony dia hita fa nanana anjara toerana lehibe teo amin'ny Ntaolo malagasy ny Razana noho ny andraikitra nosahaniny ; indrindra fa ny voka-tsoa izay naterky ny finoana azy teo amin'ny fiaraha-monina. Azo lazina anefa fa na inona fiheverana mikasika ny Razana dia tsy tokony hatao ambanin-javatra izy ireo ; antoky ny fijoroan'ny fiaraha-monina iray izy. Izay no mampisy ny tanindrazana ka mahatonga

*ny rehetra hiady ny soa sy ny hampandroso azy hatrany ; hanilika izay manelingelina ny mety ho fivoarany. Inona àry no hatao hahatsapan'ny rehetra ny lanjan'izany ankehitriny ?*

## VINAVINA II.

### LAZA ADINA I : Fanontaniana tsy maintsy valiana :

1)- Manomeza ohabolana telo mikasika ny fanahy ka tsoahy avy amin'izany ireo toetrany.
2)-Milaza dindo telo nentin'ny Malagasy nanehoana ny aina
3)-Milaza toe-javatra telo mampiavaka ny literatiora am-bava.

**LAZA ADINA II : Isafidianana ny A sy B.**

A-FAMAKAFAKAN-KEVITRA :
Hoy ny mpandinika iray : « An'Andriamanitra ny fahamarinana ? Fa an'ny vola ny rariny eto an-tany »
Fakafakao .

B-FANADIHADIANA LAHATSORATRA.

Ny finoan'ny Malagasy io lahatra io mivantana aloha dia hoe didy tsy azo toherina. Izany ilay fiononany amim-piondrehana sy amim-pahanginana hoe : «Aza manantena hery, fa ny lahatra tsy azo rombahina », « hany hery ekeo ny lahatra, fa hadalana ny maika hanana » .Raha izany ve, moa tsy fanaikena tsy sazoka sy an-tery vozona fotsiny ilay fiononan'ny Malagasy amin'ny lahatra ? Toa misy izany marina. Ninoany anefa fa zava-tsy takany ny fitondran'ny ambony ka sanatria azy ny hanome tsiny na hitaraina :( ...) « Ny fahafatesana tsy mba heloka akory, ny fahavelomana tsy fahamarinana : fa Andriamanitra no tompon'ny lahatra ».

Ninoany aza fa na inona na inona lahatra, amin'ny soa ihany no itondran'Andriamanitra ny olombelona : « Rafotsibe mita rano, ka izay mahasoa ataon'Andriamanitra.

R.P. RAHAJARIZAFY, in Filôzôfia Malagasy, tak. 97-98.

Hadihadio ny lahatsoratra.

## VALINY AZO AROSO :

**LAZA ADINA I :**

1)-Ireo ohabolana telo mikasika ny fanahy sy ny toetrany :
-« Ny hery tsy mahaleo ny fanahy » : Mahasedra ny mafy ny fanahy,
-« Ny tarehy ratsy tsy azo ovana fa ny fanahy ratsy azo ialana » : Afaka mivoatra ny fanahy,
- « Fotsifotsy fanahy toa takatra ka tain-kary avy no atao trano » : Mety ho tsara na ratsy ny fanahy.

2)-Ireo dindo telo nentin'ny Malagasy nanehoana ny aina :
- rano,
- afo,
- ra ;

3)-Ireo toe-javatra telo mampiavaka ny literatiora am-bava :
-*Tsy manavaka sokajin'olona na saranga,*
-*Iarahan'ny rehetra manatontosa, na mivantana na an-kolaka,*
-*Foronina eo no ho eo.*

**LAZA ADINA II :**

A-FAMAKAFAKAN-KEVITRA :

**DRAFITRA AMIN'NY ANTSIPIRIANY :**

FR : Ny marina sy ny rariny.

Fk : Tsy misy ny fampanjakana ny marina sy ny rariny eo amin'ny fiaraha-monina.

Olana : Inona àry no azo ambara mikasika izany fiheverana izany ?

RH1- Ny antony tsy ahitana ny marina eo amin'ny olona.

ZK1-Manana ny toetrany manokana ny marina.

***PK. Ohabolana : « Fisaka ny marina ka saro-tadiavina ».***

ZK2-Ny tombontsoany no mibaiko ny fihetsiky ny olona manoloana ny marina.

***PK. « Ny marina mitavozavoza tsy mahaleo ny lainga tsara lahatra ».*** I TSIRY manoloana an'i AZIZ in VAKIVAKIM-PIAINANA.

RH2-Ny antony mahatonga ny vola hifehy ny rariny.

ZK1- Ny fahalemen'ny olona manoloana ny vola.

***PK. Ohabolana*** : ***« Ny alika jamban'ny taolana fa ny olona jamban'ny vola ».***

ZK2- Ny fitiavan'ny olom-bitsy hifehy ny fiaraha-monina.

***PK. « Ny toerana ara-toekarena no mifehy ny toerana ara-pitondrana ».***

**FAMAKAFAKANA FENO IZAY HORAKETINA AO AMIN'NY TARATASIM-PANADINANA.**

*Anisan'ireo toe-javatra miteraka fiheverana maro eo anivon'ny fiaraha-monina ny marina sy ny rariny. Ny mpandinika tsirairay avy, araka izany, dia samy manana izay ambarany mikasika azy ireo. Iray amin'ireny ny voalazan'ity mpandinika ity manao hoe :* ***« An'Andriamanitra ny fahamarinana, fa an'ny vola ny rariny eto an-tany ».*** *Misongadina eto fa tsy misy ny fampanjakana ny marina sy ny rariny eo amin'ny fiaraha-monina. Inona àry no azo ambara mikasika izany fiheverana izany ? Mba hahafahana mamaly io fanontaniana io, dia hodinihina, voalohany, eo ambany, ny antony tsy ahitana ny marina eo amin'ny olona ; faharoa manaraka, izany ny antony mahatonga ny vola hifehy ny rariny.*

*Fa inona tokoa moa no mahatonga ny marina tsy ho hita eo amin'ny fiaraha-monina ? Ny maneho izany voalohany, dia ny fahitana fa manana ny toetrany manokana raha ny marina.Samy miezaka mitady sy hampanjaka ny marina eo amin'ny toerana izay misy azy ny olona tsirairay avy, kanefa toa olana mipetraka ho an'ny rehetra izany.Ny mifanohitra amin'izany indray aza no mitranga. Dia izay no mahatonga ny fitenenana hoe :* ***« Fisaka ny marina ka saro-tadiavina ».*** *Ny azo tsoahina amin'izany dia sarotra amin'ny fiaraha-monina ny manatanteraka ny marina.*

***Ankoatra izany,*** *dia ny tombontsoan'ny olona ihany koa no mibaiko ny fihetsiny manoloana ny marina.Ny zava-mitranga eo anivon'ny fiaraha-monina dia malaina na misalasala ny olona ny hanao ny marina, satria matetika izany no manelingelina ny tombontsoa tokony ho azony.Noho izany, ezahiny ovaina na afenina araka izay tratra aza izany matetika mba ho takona na tsy hipoitra mihitsy.Ny tombontsoa tian-ko azo ihany no mahatonga izany.Eo ihany koa ny finiavana hamadika ny marina mba hasolo lainga, ka handresen-dahatra ny manodidina.Izany no mahatonga ny fitenenana hoe :* ***« Ny marina mitavozavoza tsy mahaleo ny lainga tsara lahatra »***.*.Aleo ny lainga miteraka tombontsoa no ampanjakaina toy izay ny marina mety hanary izany.*

***Hita teo àry fa maro ny antony mahatonga ny marina tsy hanjaka eo anivon'ny fiaraha-monina : misy ny toetrany manokana izay mahatonga izany, kanefa eo indrindra ihany koa ny finiavana avy amin'ny olona noho ny tombontsoa tadiaviny.Fa inona kosa àry ny antony mahatonga ny vola hifehy ny rariny eo amin'ny fiaraha-monina ?***

*Mety ho maro ny antony mahatonga ny vola hifehy ny rariny eo amin'ny fiaraha-monina.Misongadia amin'izany ny fahalemen'ny olona manoloana ny vola.Toe-javatra iray manahirana ny olona tokoa ny vola, ka na inona na inona fomba, na tsara izany na ratsy dia atao mba hahazoana azy. Araka izany, dia maro ireo fihetsika ataon'ny olona izay tsy mifanaraka amin'ny rariny. Tsy misy intsony ny fanomezan-danja ny mpiara-belona, fa ny vola no omen-danja bebe kokoa eo amin'ny fianana.Maro ireo fihetsika tsy azo eritreretina mihitsy kanefa ataon'ny olona, noho ny vola, toy ny risoriso sy ny kolikoly samihafa.Tsy apetraka amin'ny toerana tokony hisy azy ny hasina maha-olombelona. Manaporofo izany ilay fomba fiteny hoe :* ***« Ny alika jamban'ny taolana, fa ny olombelona jamban'ny vola ».*** *Ny vola no anakonana ny rariny eo amin'ny fiaraha-monina.*

***Tsy izany ihany*** *fa eo koa ny fitiavan'ny olona hifehy samy irery ny fiaraha-monina.Noho ny fitiavam-boninahitra izay ateraky ny vola dia miezaka ny sasany mba hampiasa izany vola ananany izany. Ny tanjony amin'izany fananam-bola izany, dia ny hampanaiky ny manodidina fa azy ny hery sy ny fahefana. Ny vola ananany no entiny mandrindra ny fifandraisany amin'ny mpiara-belona, araka izay tombontsoa tadiaviny, na mety amin'ny hafa izany na tsia. Noho izany, dia mitodika any aminy ny mason'ny rehetra ary lasa mankato ny fandaminana izay apetrany. Tsy ny rarin'ny fiaraha-minonina amin'izay no manjaka, fa izay voafaritry ny volany. Manamarina izany ny*

*...tenin'ny mpandinika iray hoe : « **Ny toerana ara-toe-karena no mamaritra ny toerana ara-pitondrana** ». Ny vola no mibaiko ny famaritana ny toeran'ny tsirairay eo anivon'ny fiaraha-monina.*

*Raha fintinina izay voalaza teo ambony, dia hita fa sarotra ny hampanjakana tanteraka ny marina sy ny rariny eo anivon'ny fiaraha-monina noho ny fahitana fa tsy voafehin'ny olona araka izay tombontsoa tadiavin'ny rehetra izy ireo.Tsy mitoetra araka ny tokony ho izy ny marina sy ny rariny. Azo lazaina anefa fa ny fiezahana hampanjaka ny marina sy ny rariny no antoka lehibe hampirindra ny fiainam-piaraha-monina amin'ny ankapobeny. Ilaina ny fanovana ny toe-tsaina eo amin'ny tsirairay mba hahatongavana amin'izay tanjona izay, satria sakana teo amin'ny fampandrosoana hatramin'izay ny tsy fanaovana izany. Inona anefa no fepetra mba hahatonga ny tsirairay ho resy lahatra amin'izany fiovana tian-katao izany ?*

B-<u>FANADIHADIANA LAHATSORATRA :</u>

**DRAFITRA AMIN'NY ANTSIPIRIANY :**

FR : Ny lahatra.

FK : Zava-dehibe teo amin'ny Malagasy ny finoana ny lahatra.

RH1- Ny toetra ananan'ny lahatra.

ZK1- Tsy ananan'ny olona fahefana ny lahatra.

***PK : « Ny finoan'ny Malagasy io lahatra io mivantana aloha dia hoe didy tsy azo toherina ».***

ZK2- Sahaza ny tsirairay na tsara hatrany ny lahatra.

***PK : « Ninoany aza fa na inona na inona lahatra, amin'ny soa ihany no itondran'Andriamanitra ny olombelona... »***

RH2- Ny fihetsiky ny Malagasy manoloana ny lahatra.

ZK1- Ny fanetren-tenany manoloana azy.

***PK-« Aza manantena hery, fa ny lahatra tsy azo rombahina », « hany hery ekeo ny lahatra, fa hadalana ny maika hanana ».***

ZK2- Ny fanekeny fa voafetra ny fahalalany ny lahatra.

***PK : « Ninoany anefa fa zava-tsy takany ny fitondran'ny ambony ... ».***

**FANADIHADIANA FENO IZAY HORAKETINA AO AMIN'NY TARATASIM-PANADINANA**

*Anisan'ireo singa mandrafitra ny finoana eo amin'ny Malagasy ny lahatra.Ny mpandinika tsirairay avy anefa dia samy manana izay ambarany mikasika azy io. Iray amin'ireny ny voalazan'i R.P. RAHAJARIZAFY eto amin'ity lahatsoratra ity, izay notsongaina tao amin'ny **<u>Filôzôfia Malagasy</u>**, takila 97-98. Ambarany eto fa zava-dehibe teo amin'ny Malagasy ny finoana ny lahatra. Mba hahafahana manadihady izany , dia hodinihina, voalohany, etsy ambany, ny finoany ny toetra ananan'izy io ; faharoa manaraka izany, ny fihetsiny manoloana azy.*

*Fa inona tokoa moa ireo heverin'ny Malagasy fa toetran'ny lahatra ? Misongadina àry fa tsy ananan'ny olona fahefana izy io. Ny Malagasy dia mihevitra, fa na ao aminy aza ireo hery toy ny herin-tsaina, herim-batana, dia zava-poana izy ireny manoloana ny lahatra. Inoany fa misy mpitantana ny fiainany, ka tsy maintsy manaiky izay fahefana ivelany izay izy. Manamafy izany ny mpanoratra raha milaza hoe : « **Ny finoan'ny Malagasy io lahatra io mivantana aloha, dia hoe didy tsy azo toherina** ». Ny azo tsoahina avy amin'izany dia anjaran'ny olona ny mankato izay fandaminan'ny lahatra eo amin'ny fiainany.*

***Ankoatra izany**, ny Malagasy ihany koa dia nino fa sahaza ho azy na tsara hatrany ny lahatra izay miseho eo amin'ny fiainany.Satria ilay Andriamanitra tsy tia ratsy no loharanon'ny lahatra, noho izany tsy hanome izay zavatra mifanohitra amin'izany, ho an'ny olona izy. Araka izany, tsy maintsy ny mendrika sy izay mety amin'ny tsirairay hatrany no hasehony ho azy ireo. Hoy i R.P. RAHAJARIZAFY maneho ny heviny : **« Ninoany aza fa na inona na inona lahatra, amin'ny soa ihany no itondran'Andriamanitra ny olombelona... »**.Mety hitarika ny olona ho amin'ny filaminana ny finoana ny lahatra.*

***Hita teo àry fa manana izay toetra mampiavaka azy ny lahatra.Tsy ananan'ny olona fahefana kanefa ny tsara hatrany no andraisana azy. Manao ahoana kosa ny fihetsiky ny Malagasy manoloana izany ?***

*Maro ireo fihetsika asehon'ny Malagasy manoloana ny lahatra. Taratra voalohany amin'izany ny fanetren-tena asehony eo anatrehany. Ny fiheverany azy io, dia mahatonga azy ireo tsy hanao fihetsika henjana na tsy voahevitra eo amin'ny fiainana.Tao anatin'ny fametrahany ny toerany ho tsy misy dikany no nandraisany izany.Tsy hita teo aminy ilay toetra tia misehoseho na mitratrevatreva, fa milamina sy manaraka fotsiny ary mankasitraka izay mitranga eo aminy. Manaporofo izany ny lahatsoratra amin'ny hoe : « **Aza***

***manantena hery, fa ny lahatra tsy azo rombahina », « hany hery ekeo ny lahatra, fa hadalana ny maika hanana ».*** *Endrika maneho ny maha-olom-banona ny Malagasy ny fanekeny ny lahatra.*

***Etsy an-dan'izany*** *koa ny fanekeny fa voafetra ny fahalalany ny lahatra eo amin'ny fiainana. Satria raharaham-pinoana ny lahatra ary Andriamanitra no tompo marika amin'izany, dia miaiky ny Malagasy fa misy fetrany ny fahatakarany azy io.Bitika izy eo anatrehan'ilay Nahary, ka tsy voatery ho fantany avokoa ny zava-miafina fonosin'ny lahatra ; indrindra fa izay mbola hiseho eo amin'ny fiainany. Zava-boahary andaharana izy, ka tsy mahagaga raha miafina aminy ny dikan'izay fandaminana mitranga. Hoy ny mpanoratra manamafy raha manamafy izany :* ***« Ninoany anefa fa zava-tsy takany ny fitondran'ny ambony... ».*** *Ahitana taratra ny fahalehibeazan'ilay Nahary ny finoana ny lahatra.*

*Raha fintinina na ampahatsiahivina izay voalaza teo ambony, dia hita fa nanana ny lanjany teo amin'ny Malagasy ny finoana ny lahatra.Samy nahitana taratra izany, na ny finoany ireo toetra ananany, indrindra fa ny fihetsika nasehony teo anatrehany. Azo lazaina àry fa finoana nanana ny maha-izy azy tokoa ity finoana iray ity.Ny fampiasan'ny mpanoratra ireo ohabolana samihafa ao amin'ny asany, dia maneho avy hatrany ny fandresen-dahatra tiany hatao amin'ny mpamaky.Inona anefa no fepetra azo raisina mba tsy hahatonga ny finoana ny lahatra ho vato misakana eo amin'ny fivoarana ?*

*Dia mirary fahombiazana tanteraka ho anao !*

***Enga anie ka homba anao Jeso !***

*Ramose Rivo*

*Mpampianatra teny Malgasy.*

*« …ho lohany ianao fa tsy ho rambony ary ho ambony tokoa ianao fa tsy ho ambany… »*

*Deot 28-13*

# VINAVINA I :

**LAZA ADINA I : Fanontaniana tsy maintsy valiana (Isa 06) :**

1)- Inona no tara-kevitra fahita amin'ny asa soratr'i E. D. ANDRIAMALALA ?(Valiny telo).

2)- Inona avy ireo gazety roa tsy miresaka afa- tsy literatiora ?

3) – Milaza voka-dratsy telo mety hateraky ny fampiharana ny rariny, eo amin'ny fiaraha-monina.

**LAZA ADINA II : Isafidianana ny A sy ny B (Isa 14) :**

**A-FAMAKAFAKAN-KEVITRA :**

Hoy i Tsiry ao amin'ny VAKIVAKIM-PIAIANANA : « Ny vintana no tsiniako, izy no nanova ny zotram-piainantsika ho tahaka izao ».

Fakafakao sy tsikerao.

**B- FANADIHADIANA LAHATSORATRA :**

Mazàna ny mpamaky ihany no voatonona rehefa miresaka mpankafy ny literatora ny mpandinika.Tsy azo odian-tsy hita anefa fa eo dia eo koa ny mpijery sy ny mpihaino.Tsy kanto ho azy amin'izao ny soratra na ny volana raha tsy voasedran'ny mpankafy azy : tsy maintsy mambabo ny fo amam-panahiny, na mampiaiky ny sainy aman'eritreriny.

Fa na inona na inona fahaizan'ny mpamorona teny kanto sy sora-kanto, na manan-tsaina toy inona aza izy ireo, tsy hisy dikany izany rehetra izany raha tsy eo ny mpankafy literatiora.

Rehefa ny mpamaky literatiora no mandà izay famoronana atolotra azy dia very hasina avy hatrany ny zava-bitan'ny mpanoratra sy ny mpivolana, satria hisy banga ny rafitra mitantana ny literatiora.

Iainan'ny mpankafy ireny literatiora ireny, satria ny zava-misy ihany no taratra ao anatiny ary izy mpankafy no fototra ijoroany sy sehatra ivelarany.

RANOE, Ambioka, lah. 50, 2002.

Hadihadio ny lahatsoratra.

# VALINY AZO AROSO :

**LAZA ADINA I : Fanontaniana tsy maintsy valiana :**

1)-Ireo tara-kevitra fahita amin'ny asa soratr'i E.D.ANDRIAMALALA :

- Ny fitiavana,
- Ny tsiny sy ny tody,
- Fanindrahindrana ny maha-Malagasy na ny kolontsaina malagasy,

2)-Ireo gazety roa tsy miresaka afa-tsy literatiora :

- Ny gazety Ambioka,
- Ny gazety Valiha

3)-Ireo voka-dratsy telo mety hateraky ny fampiharana ny rariny:
- Fiononana amin'izay toerana misy ny tena,
-Manamafy orina ny fahasamihafana eo amin'ny fiaraha-monina,
-Miteraka tsy fivoarana...

**LAZA ADINA II :**

A-FAMAKAFAKAN-KEVITRA :

**DRAFITRA AMIN'NY ANTSIPIRIANY :**

FR : Ny vintana.
FK : Ny vintana no mitantana ny zotram-piainan'ny olona.
Olana : Hatraiza ny fahamarinan'io fiheverana io ?

RH1- Ny vintana no tompon'antoka amin'ny fiainan'ny olona.
ZK1- Efa voalamin'ny vintana mialoha ny fiaianan'ny tsirairay.
PK : ANDRIAMAMPIHATONA : *« **Tolotra fa tsy vokatry ny natao ary tsy azo lavina na soloina ny anjara »**.*
ZK2-Tsy ahafahan'ny olona miatrika ny zotram-pianany ny hery ananany.
PK : RATREMA William : ***« Izay ambinina ihany no sendra anjara soa »***

RH2- Tompon'andraikitra amin'ny fiaianany ny tsirairay.
ZK1- Mila finiavana sy ezaka avy amin'ny olona ny fiaianany.
PK : Clarisse RATSIFANDRHAMANANA : ***« Tolona sy ady ny fiainana, ka zara ho an'izay manam-piniavana handresy »***.
ZK2- Mila faharetana sy herin-tsaina avy amin'ny tsirairay ny fiainana.
PK : OHABOLANA : ***« Ny valala tsy azo raha tsy andriana ilika »*** sy ny hoe : ***« Izay maharitra no vadin'Andriana. . . »***.

RH3- Ny fihetsika tokony hasehon'ny olona manoloana ny vintana.
ZK1- Tokony hahay handanjalanja ny fihetsiny manoloana ny vintana ny tsirairay
PK : Zava-misy : ***Tsy misy izay tsy maniry ny ho tonga lafatra eo amin'ny fiainana, fa tsy maintsy manaiky izay ametrahan'ny vintana, na amin'ny tsara izany na amin'ny ratsy.***
ZK2- Tokony hahay handrindra ny vintana amin'ny fampivoarana ny olona.
PK : Joseph RAKOTONIRAINY : ***« Ny olombelona dia manana fahefana hanamboatra ny vintany sy ny anjarany noho ny maha-Fanahy azy »***.

**FAMAKAFAKANA FENO IZAY HORAKETINA AO ANATY TARATASIM-PANADINANA.**

*Raha vao vintana no resahina ,dia tsirin-kevitra samihafa no mipoitra avy amin'ireo olana maro. Iray amin'ireny ny voalazan'i TSIRY ao amin'ny **VAKIVAKIM-PIAINANA** manao hoe : « Ny vintana no tsiniako, izy no nanova ny zotram-pianantsika ho tahaka izao ».Misongadina eto fa ny vintana no mitantana ny fianan'ny olona. Marina tanteraka ve izany fiheverana izany ? Mba hahafahana mamaha io olana io dia hovahavahana, etsy ambany, ireto lafin-kevitra manaraka ireto : voalohany, ny vintana no tompon'antoka amin'ny fiainan'ny olona ; faharoa, tompon'andraikitra amin'ny zotram-piainany anefa izy ; ary farany, ny fihetsika tokony hasehony manoloana ny vintana.*

*Tsy ananan'ny olona fahefana fianany, fa ny vintana. Heverina fa efa voalamin'ny vintana mialoha ny fianan'ny tsirairay. Izany hoe : misy hery ivelany izay inoan'ny Malagasy, fa mitantana io fiainana io, ka mandrindra azy, eo amin' izay misy ny tsirairay.Noho izany na ao amin'ny olona aza ny safidy izay ananany, dia tsy maintsy mampandefitra izy, manoloana io fandaminana efa mipetraka io. Manaporofo izany ny filazan'ANDRIAMAMPIHATONA hoe : « **Tolotra fa tsy vokatry ny natao, ary tsy azo lavina na soloina ny anjara** ».Miandry ary mandray fotsiny izay ho anjaram-piainana, eo aimin'izay misy azy, ny olona tsirairay.*

***Ankoatra izany,** tsy ahafahan'ny olona miatrika ny zotram-piainany ny hery ananany.Na dia manana ny heriny aza ny olona ka te-hamaritra ny fiainany, dia tsy vitany izany. Tsy io hery ananany io no ahafahany mamaritra mialoha izay ho zotram-piaianany fa miankina tanteraka amin'ny hery ivelany.Mitana toerana lehibe amin'izany ny vintana. Araka izany, dia zava-poana ny herin'ny olona manoloana izay zava-hitranga eo aminy.Hoy RATREMA William manamafy izany : « **Izay ambinina ihany no sendra anjara soa** ».Zava-poana ny hery manoloana ny vintana..*

***Hita teo àry fa hery ivelany no mitantana ny fiainan'ny olona. Manaraka fotsiny izay mitranga izy.Na izany aza anefa tompon' andraikitra feno amin'izay ho fiainany ihany ny olona.***

*Ananan'ny olona fahefana ny mifehy ny fiainana. Hita taratra voalohany amin'izany fa mila ny finiavana sy ny ezaka avy aminy izany..Afaka mamboatra sy manatsara ny zotram-piainany araka ny hery ananany izy. Noho izany, izay ampy hery hiatrehana ny manodidina azy, dia afaka mamaritra tsara izay fomba hitondrany ny fiainany. Ny tsy ampy na tsy manana izany kosa dia tsy hiova ny toerana misy azy ary mety hotsindrin'ny matanjaka hatanjaka, ka tsy afaka hanatsara ny fianany velively..Hoy i Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA manamarina izany :* ***« Tolona sy ady ny fiainana, ka zara ho an'izay manam-piniavana handresy »***.*Anjaran'ny tsirairay ny misafidy ny toerana izay tiany hasiany ny fiainana.*

***Tsy izany ihany**, fa mila herin-tsaina sy faharetana avy amin'ny olona ny fanatsarana ny fiainana.Araka izany, dia zava-dehibe teo amin'ny Malagasy ireo lafin-javatra ireo, satria tsy mora ny fahatrarana izay tanjona kendrena eo amin'ny fiainana.Matoa ny olona tonga amin'ny toerana iray, dia tao aminy ny fihafiana sy ny fiaretana ireo zava-tsarotra samihafa nolalovany. Izany hoe, tsy misy zavatra tongatonga ho azy izany. Hoy ny Ntaolo manamafy izany :* ***« Ny valala tsy azo raha tsy andriana ilika »*** *sy ny hoe :* ***« Izay maharitra vadin'Andriana... »***. *Tsy maintsy misy fisedrana lalovana hatrany eo amin'ny fiainana vao tonga amin'ny tanjona kendrena.*

***Voalaza teo fa eo am-pelantanan'ny tsirairay ny fifehezana ny fiainany. Lafin-javatra vitsivitsy no ahatsapana izany. Fa inona kosa àry ny fihetsika tokony hasehon'ny olona manoloana ny vintana ?***

*Maro ny fihetsika tokony hananan'ny olona manoloana io vintana io. Misongadina amin'izany, fa mila mahay mandanjalanja ny fihetsika sy ny fomba fisainana manoloana ny vintana ny olona.Na inona na inona fiheverana mikasika azy io, ny Malagasy kosa dia mametraka fa làlana iray hizorana amin'ny filaminana ny finoana ny vintana. Ny tsirairay dia tokony hiezaka haneho fihetsika tsy hanitsakitsaka na hanelingelina ny zotram-piainan'ny mpiara-belona aminy.Izany no maha-zava-dehibe ny fahaiza-miononona amin'izay fiainana misy eo amin'ny tsirairay . Ny fanoherana ny fandaminana efa mipetraka izay natolotry ny vintana mantsy indraindray, dia mety hiteraka zavatra tsy ampoizina, hanaovana ny tsy fanao, ka mety hiteraka korontana eo amin'ny fiaraha-monina..Manamafy izany ny zava-misy fa tsy misy izay tsy maniry ny ho tonga lafatra eo amin'ny fiainana , fa tsy maintsy manaiky izay ametrahan'ny vintana , na amin'ny tsara na amin'ny ratsy.*

***Andanin'izany**, dia tokony handrindra ny finoana ny vintana amin'ny fampivoarana ny olona.Tokony hasehony ny maha-olona afaka azy, satria ao aminy ireo singa samihafa ahafahany manatanteraka izany. Iray amin'ireny ny fanahy izay ahafahany manatsara ny fiainany amin'ny lafiny rehetra.Ilaina ny fananana fihetsika amam-pitondran-tena matotra mba hampivoatra ny fiainana hatrany. Hoy i Joseph RAKOTONIRAINY manamafy izany :* ***« Ny olombelona, dia manana fahefana hanamboatra ny vintana sy ny anjarany noho ny maha-Fanahy azy »***. *Ny fanahy mahay mandanjalanja ananan'ny olona, manoloana ny vintana, no tokony hitondra azy any amin'ny fivoarana*

*Raha fintinina na ampahatsiahivina izay voalaza teo ambony, dia hita fa voafehin'ny hery ivelany ny fiainanan'ny olona tsirairay avy .Hita ìhany koa anefa fa tompon'antoka amin'ny zotram-piainany izy.Amin'ny maha-olona anefa, dia tokony hahalala ny fihetsika hasehony manoloana izany ny tsirairay. Azo lazaina àry fa na inona na inona fiheverana mikasika io vintana io, ny tsirairay dia tsy afaka handà ny fisiany .Tsy afa-misaraka, araka izany ny herin'ny vintana sy ny herin'ny tsirairay eo amin'ny fiatreahana ny zaotram-piianana.Maro ny tanjona tian'ny tsirairay hahatongavana eo amin'ny fiainana fa tsy ny rehetra akory no tonga amin'izany.Inona àry no fomba hatao mba hahatonga ny tsirairay ho afaka mifehy tanteraka zotram-piaianany ?*

B-<u>FANADIHADIANA LAHATSORATRA :</u>

<u>N.B :</u> Tsy maintsy mifototra amin'ny lahatsoratra ny asa rehetra. Tsy azo atao ny manao dikan-teny.Tsy azo atao ny mamerina fotsiny ny ao anaty lahatsoratra, na mivantana na an-kolaka, fa ny hevitra ambadika hatrany no takarina rehefa manao fanadihadiana lahatsoratra. Ny lahatsoratra no mibaiko ny mpiadina fa tsy ny mpiadina no mibaiko ny lahatsoratra.

**DRAFITRA AMIN'NY ANTSIPIRIANY :**

FR : Ny literatiora sy ny mpankafy azy.

FK : Manan-danja lehibe eo amin'ny literatiora ny mpankafy azy.

RH1-Ny fepetra mba hahakanto ny literatiora.

ZK1- Tsy maintsy raisin'ny mpankafy azy.

***PK. « Fa na inona na inona fahaizan'ny mpamorona teny kanto sy sora-kanto(...) tsy hisy dikany izany rehetra izany raha tsy eo ny mpankafy ny literatiora ».***

ZK2-Tsy maintsy tsarain'ny mpankafy azy ny literatiora.

***PK. « Tsy kanto ho azy amin'izao ny soratra na ny volana raha tsy voasedran'ny mpankafy azy... »***

.RH2-Ny anjara asan'ny mpankafy literatiora.

ZK1- Manome lanja ny literatiora.

***PK. « Rehefa ny mpamaky literatiora no mandà izay famoronana atolotra azy dia very hasina avy hatrany ny zava-bitan'ny mpanoratra sy ny mpivolana ».***

ZK2-Miombona aina amin'ny literatiora.

***PK-« laïnana'ny mpankafy ireny literatiora ireny, satria ny zava-misy ihany no taratra ao anatiny... ».***

**FANADIHADIANA FENO IZAY HORAKETINA AO AMIN'NY TARATASIM-PANADINANA.**

*Anisan'ireo singa fototra mampijoro ny literatiora ny mpankafy azy.Ny mpandinika tsirairay avy, dia samy manana izay ambarany mikasika azy ireo.Iray amin'ireny àry ny voalazan-dRANOE eto amin'ity lahatsoratra ity, izay mitondra ny lohateny hoe « Ireo mpankafy literatiora », nalaina tao amin'ny gazety **<u>Ambioka</u>**, laharana 50, nivoaka ny taona 2002. Asongadiny eto fa manan-danja lehibe eo amin'ny literatiora ny mpankafy azy.Mba hahafahana manadihady ny lahatsoratra, dia hodinihina, voalohany, etsy ambany, ny fepetra mba hahakanto ny literatiora ; faharoa manaraka izany ny anjara asan'ny mpankafy manoloana azy.*

*Fa inona tokoa moa ireo fepetra tokony hahakanto ny literatiora ? Misongadina amin'izany àry fa tsy maintsy raisin'ny mpankafy azy izy ireny .Mba hahafahany mahafantatra tsara ny mombamomba ireny literatiora ireny, dia tsy maintsy manatona azy ny mpankafy azy.Ny fikirakirany azy no hahatrarany ny tanjona kendreny amin'izany.Izay fihetsika ataony izay, dia efa ahitana sahady ny mampiavaka ny literatiora amin'ny fanehoan-kevitra hafa.Raha tsy misy mantsy izay, dia hipetra-potsiny toy ny lamban'ny mpiasa ny literatiora.Koa matoa raisin'ny mpankafy azy izy ireny, dia maneho izany fa voasarika aminy izy ireo.Manamarina izany ny voalazan'ny mpanoratra hoe : **« Fa na inona na inona fahaizan'ny mpamorona teny kanto sy sora-kanto(...) tsy hisy dikany izany rehetra izany raha tsy eo ny mpankafy ny literatiora ».**Zava-poana ny literatiora raha tsy misy ny mpankafy azy.*

***Ankoatra izany**, tsy maintsy tsarain'ny mpankafy azy ihany koa ny literatiora.Tsy misy mpamorona afaka hihambo avy hatrany fa tsara ny asa famoronana nataony raha tsy voarainy ny akon'izany avy amin'ny mpankafy azy. Noho izany, zava-dehibe ny fahalalana ny hevitr'izy ireo mikasika ny asa izay natolotra azy ireo.Ny fahalalana fa kanto ny famoronana natao, dia mety amin'ny mpankafy ary mirindra tsara amin'ny tanjona kendreny eo amin'ny fiainany.Araka izany, dia tokony hifanaraka tsara amin'ny filan'ny mpankafy, ny asa famoronana omen'ny mpamorona azy.Manaporofo izany ny voalazan-DRANOE hoe : **« Tsy kanto ho azy amin'izao ny soratra na ny volana raha tsy voasedran'ny mpankafy azy... ».**Ny mpankafy no tompon'ny hevitra farany amin'ny fisivanana ny famoronana izay omena azy.*

***Hita teo fa zava-dehibe eo amin'ny asan'ny mpamorona ny kanto tokony hananany.Fepetra hahatongavana amin'izany ny fanatonan'ny mpankafy azy ireny, indrindra fa ny fitsarana tsy maintsy ataony mikasika ireo asa ireo. Fa inona kosa àry ny anjara asan'ny mpankafy manoloana ireny literatiora ireny ?***

*Maro ny mety ho anjara asan'ny mpankafy manoloana ny literatiora, fa anisan'izay misongadina amin'izany ny fanomezany lanja azy ireny.Ny fahitan'ny mpankafy fa manampy ary mitondra soa ho azy, ilay literatiora, no anehoany fa manana ny lanjany eo amin'ny fiainany .Ny mifanohitra amin'izany kosa dia tsy izy, satria mety hamotika ny fiainany.Noho izany, tsy izay asa famoronana rehetra, atolotra azy akory dia hahataitra ny mpankafy avokoa fa tsy maintsy handinika fatratra izay vontoatiny izy vao afaka hanome lanja ireny.Manamafy izany ny voalazan'ny mpanoratra amin'ny hoe : **« Rehefa ny mpankafy literatiora no mandà izay famoronana atolotra azy dia very hasina avy hatrany ny zava-bitan'ny mpanoratra sy ny mpivolana ».** Ny mpankafy dia mahalala tsara izay asa famoronana manan-danja eo amin'ny fiainany.*

***Tsy izany ihany,** fa miombona aina amin'ireny literatiora ireny ny mpankafy.Ny tanjon'ny mpamorona dia ny hanaitra ny saina sy ny fo amam-panahiny ka hiainan'izy ireo ny hevitra na ny hafatra tiany hampitaina. Koa rehefa hita sy tsapan'ny mpankafy fa misy ny mahasoa sy mifandraika amin'ny fiainany, dia resy lahatra avy hatrany izy. Mandray ary miditra ao anatin'izay voalaza tanteraka izy ireo.Noho izany tsy very maina, amin'izay fotoana izay, ny ezaka nataon'ireo mpamorona.Maneho izany ny lahatsoratra amin'ny hoe : **« laïnan'ny mpankafy ireny literatiora ireny, satria ny zava-misy ihany no taratra ao anatiny... ».** Azo raisina ho hery lehibe ho an'ny mpamorona ny fihetsiky ny mpankafy manoloana ny asany.*

*Raha fintinina na ampahatsiahivina izay voalaza teo ambony dia hita fa zava-dehibe ho an'ny literatiora ny mpankafy azy, noho izy ireo iankinan'ny mahakanto azy ary mitana anjara asa lehibe ihany koa amin'io sehatra io.Azo lazaina àry fa singa manana ny lanjany saro-bidy eo amin'ny sehatry ny literatiora ny mpankafy.Ny fomba nanehoan'ny mpanoratra ny asany, dia ahitana taratra tsara izany.Toa misarika ny mpamaky hitodika bebe kokoa amin'ilay anjara toerany eo amin'ny sehatry ny literatiora izy. Inona anefa no fepetra azo raisina mba hahatonga ny fiaraha-monina hahatsapa tanteraka izany anjara toerany eo amin'ny sehatry ny literatiora izay ?*

## B-FAMPIHARANA MIKASIKA NY FAKAFAKAO SY TSIKERAO:

### FAMPIHARANA 1:

Hoy i Charles RAVOAJANAHARY: « ***Tsy nitsontsorika avy any an-danitra ny haisoratra . . . fa taratry ny fiainana niainan'ny mpanoratra ihany*** ».

Fakafakao sy tsikerao.

### DRAFITRA AMIN'NY ANTSIPIRIANY TAORIAN'NY FANDINIHANA NY LAZA ADINA.

*Fota-dresaka*: Ny asa soratra

*Fota-kevitra:* Ny zava-misy no loharanon'ny asa soratra.

*Olana:* Hatraiza ny fahamarinan'izany fiheverana izany?

RH1-Ny fiaraha-monina no loharanon'ny asa soratra.

ZK1-Ny tontolom-piainan'ny mpanoratra no miteraka ny asa soratra.

PK- Charles RAJOELISOLO: ***"Ny literatiora dia vokatry ny zava-misy fa tsy tongatonga ho azy".***

ZK2- Ny fifandraisan'ny mpanoratra amin'ny mpiara-belona aminy no ipoiran'ny asa soratra.

PK-A. R.Ni: ***"Vokatry ny tany ny haisoratra".***

RH2- Avy ao anatin'ny mpanoratra manokana ny asa soratra.

ZK1- Ny aingam-panahy no miteraka ny asa soratra.

PK-Lila RATSIFANDRIHAMANANA:***"Ny aingam-panahy no toy ny bokotra pihina iandohan'ny asa famoronana".***

ZK2- Avy amin'ny nofinofin'ny mpanoratra ny asa soratra.

PK- Mpandinika iray: ***"Mpanonofy ilaina ny mpanoratra"***

RH3-Ny tena loharanon'ny asa soratra.

ZK1-Avy amin'ny fahafolahana ny teny ny asa soratra.

PK-ILAY: ***"Ny teny kosa no fitaovana enti-miasa.Arakaraka ny fahaizana mamolaka ny teny entina manoratra (. . .) no mety hahatomombana na tsia ny asa atao ".***

ZK2- Avy amin'ny talentan' ny mpanoratra ny asa soratra.

PK: RANOE, ***« Ny TALENTA, dia fahaiza-manao voajanahary ao amin'ny olona iray, ka mahatonga azy hahatanteraka tsy misy fahasarotana ilay zavatra ananany talenta, anisan'izany ny sora-kanto »***

### FAMAKAFAKANA FENO IZAY HORAKETINA AO ANATY TARATASIM-PANADINANA.

*. . . sa soratra ? Singa iray miteraka tsirin-kevitra samihafa, eo anivon'ireo mpandinika maro, raha va . . . resahina. Iray amin'ireny ny voalazan'i Charles RAVOAJANAHARY hoe: « **Tsy nitsontsorika avy an . . . ny fiainana niainan' ny mpanoratra ihany** . . . tra. Hatraiza anefa ny fahamarinan' . . . hany, etsy ambany, fa . . .*

*Fa ahoana tokoa moa no ilazana fa avy amin'ny fiaraha-monina ny asa soratra? Ny misi... voalohany amin'izany, dia ny fahitana fa ny tontolom-piainan'ny mpanoratra no miteraka ny asa sora... tontolo manodidina ny mpanoratra indrindra no mamolavola ny asa famoronana ataony. Izany ... trangan-javatra samihafa iainany sy atrehiny eo amin'ny fiaraha-monina no arindrany ho fantatry ny ... monina aminy. Ny mampiavaka ny asany amin'izay, dia ny fahaizany mandrafitra ireny tranga ireny ... endrila manintona na kanto ka mahatonga ny fiaraha-monina hifantoka sy ho voasarika amin'... Manaporofo izany i Charles RAJOELISOLO amin'ny hoe: «* ***Ny literatiora dia vokatry ny zava-misy... tongatonga ho azy*** *». Tsy misy asa soratra vanona raha tsy eo ny fiaraha-monina.*

***Ankoatra izany****, ny fifandraisan'ny mpanoratra amin'ny mpiara-belona aminy no ipoiran... soratra. Iaraha-mahalala fa ny mpanoratra, dia olon' ny fiaraha-monina. Tsy afaka ny tsy hifan... amin'ireo mpiara-belona aminy izy ireo .Noho izany, tsy maintsy misy akony amin'ny asa ataony izan... mety hitarika azy amin'ny fandrindrana ny asa izay fanaony. Arakaraka izay fandraisany izay fifampik... amin'ny mpiara-belona aminy izay, tsara io na ratsy, no tsy maintsy havoakany amin'ny asa vokar... AR.Ni, raha manamafy izany: «* ***Vokatry ny tany ny haisoratra*** *». Antoky ny fisian'ny asa soratra ny... misin'ny fiaraha-monina.*

***Hita teo àry fa fototry ny fisian'ny asa soratra ny tontolo iainan'ny mpanoratra; indrindr... fifandraisany amin'ny mpiara-belona aminy.Na izany aza, avy ao anatin'ny mpanoratra no mi... ireny asa soratra ireny.***

*Avy ao anatin'ny mpanoratra ihany koa ireny asa soratra ireny. Ny aingam-panahiny no miter... asa soratra. Na dia eo aza ireo zava-misy, kanefa tsy mihontsina na taitra amin'izany ny ao ... mpanoratra dia ho zava-poana ihany izy ireny. Araka izany, ny fihetsehan'ny ao am-pon'ny mpano... amin'ny alalan'ny aingam-panahiny, no mibaiko azy handrindra ny asany. Izany hoe ny fahitan'ny mpan... ny zava-mitranga no toy ny hery manetsika azy ho amin'ny fandrafetana ny asany ho fanta-bahoaka. H... RATSIFANDRIDHAMANANA: «* ***Ny aingam-panahy no toy ny bokotra pihina iandohan'ny asa famor...*** *». Fanoitra lehibe ho amin'ny fisian'ny asa soratra ny aingam-panahy.*

***Andanin'izany****, avy amin'ny nofinofin'ny mpanoratra ny asa soratra. Ny olona tsirairay avy ... manana izay fihetseham-pony manoloana ny zava-misy iray, kanefa tsy izy rehetra akory no afaka ha... asa soratra. Ny tombony amin'ny mpanoratra dia ny fananany ilay toetra tia mandefa ny fisainany any ... tontolo tsy fantatra. Izany hoe mandefa vinany any amin'ny toerana tsy iraisany amin'ny maro. Izany ... ilay sehatra hafa tsy ety an-tany izany no manosika ny mpanoratra handrafitra ny asany ary mamp... ny hevitra samihafa ao anatin'ireny famoronana ataony ireny. Hoy ny mpandinika iray manoloana ... *«* ***Mpanonofy ilaina ny mpanoratra*** *». Anisan'ireo fepetra ahafahan'ny mpanoratra mandrindra ny as... nofinofy ao aminy.*

***Voalaza teo ambony fa fanoitra ho amin'ny fandrindrana ny asa soratra ny aingam-pa... ny nofonofin'ny mpanoratra. Antoky ny fipoiran'ny asa soratra ireny rehetra ireny. Inona mar... no tena loharanon'ireny asa soratra ireny?***

*Manana izay tena loharanony tokoa ny asa soratra. Ny hita sy tsapa dia avy amin'ny fahafol... teny ny asa soratra. Na inona tokoa mantsy lafin-javatra misarika ny mpanoratra hanoratra, dia ... poana izy ireny raha tsy ny teny hanehoana azy no voafolaka araka ny tokony ho izy. Hafatra no ... amin'ny asa soratra, ka raha tsy voafehy ny teny hiraketana azy, dia tsy ho tafita izany. Raha voa... famolahana ny teny, dia tafiditra ao anatin'izany ny fandrafetana azy hanana endrika kanto, ka hah... mpamaky ary hahafahany mianoka sy miaina ny hafatra tiany hampitaina. Manaporofo izany ... milaza hoe: «* ***Ny teny kosa no fitaovana enti-miasa. Arakaraka ny fahaizana mamolaka ny teny... manoratra (...) no mety hahatomombana na tsia ny asa atao. . .*** *» Tsy hisy ny asa soratra raha ... teny voarindra sy voarafitra tsara hanehoana azy, ka hifantohan'ny mpamaky amin'izany asa sora...*

**Tsy izany ihany,** fa avy amin'ny talentan'ny mpanoratra ihany koa ny asa soratra. Na inona finiavana ananan'ny olona iray hiroso amin'ny fandrindrana asa soratra, dia tsy hisy dikany izany raha tsy ao aminy ny talenta mba hahafahany manome ny kanto ka hahatonga ny mpiara-monina ho resy lahatra amin'ny asa vokariny. Fepetra maha- asa soratra ny asa soratra mantsy ny kanto ao aminy, ka raha tsy misy izany dia ho toy ny fanehoan-kevitra tsotra ihany izany. Tsy mandeha ho azy izany fa mila talenta avy amin'ny mpamorona. Talenta, izay mampiavaka ny asa soratra amin'ny fanehoan-kevitra hafa. Manamafy izany RANOE, raha milaza hoe: « **Ny TALENTA, dia fahaiza-manao voajanahary ao amin'ny olona iray, ka mahatonga azy hahatanteraka tsy misy fahasarotana ilay zavatra ananany talenta, anisan'izany ny sora-kanto** ». Ny talenta no mametraka ny asa soratra amin'ny toerana tokony hisy azy eo amin'ny fiaraha-monina.

Raha fintinina na ampahatsiahivina izay voalaza teo ambony dia hita fa avy amin'ny fiaraha-monina ny asa soratra. Na izany aza anefa dia heverina ihany koa fa ny ao anatin'ny mpanoratra no mibaiko ireny asa soratra ireny. Rehefa zohina anefa dia manana izay tena loharanony tanteraka ny asa soratra. Azo lazaina anefa fa na inona na inona fiheverana mikasika io loharanon'ny asa soratra io, dia tsy zavatra tokana no miteraka ny asa soratra : miara-miasa ny ivelan'ny mpanoratra sy ny ao anatiny mba hahafahany manatontosa ny asany. Inona anefa no hatao mba hahatonga ny fiiaraha-monina hitodika amin'ireny asa soratra ireny, eo amin'ny fiainany?

**FAMPIHARANA 2. :**

Ny finoana ny tody.

Lalim-paka teo amin'ny Malagasy hatramin'ny fahagola ny finoana sy ny tahotra ny tody (...). Ny hasin'ny tody no zavatra anankiray mampijoro ny Malagasy ho firenena miavaka...

Fahalalana miteraka fahendrena ny tody. Misy ny lalàny ny tody (...) ary lalàna azo andramana izany. Ny lalàn'ny tody, hoy ny Ntaolo, dia miompana amin'ny hoe: « Mandrora mitsilany ka mahavoa tena »...

Fa amin'izay atao rehetra, tsy ny ratsy ihany, fa ny tsara koa dia iharan'izany lalàna izany daholo, ka dia hoy ny razantsika amin'ny ohabolany: « Ny atao toy ny salaka: soa atao, mihodidina; ratsy atao, mihodidina ».

Tsy mba ny fanantenana ny paradisa any an-danitra no antony nanaovan'ny razana ny tsara : ary tsy mba tahotra ny afobe sy ny fahatezeran'Andriamanitra no misakana ny razana malagasy tsy hanao ny ratsy ; fa noho ny fahalalany sy ny finoany fa misy ny « tody »...

Joseph RAKOTONIRAINY
In Fahendrena malagasy, tak. 70.

Hadihadio ny lahatsoratra.

## DRAFITRA AMIN'NY ANTSIPIRIANY TAORIAN'NY FANDINIHANA NY LAHATSORATRA .

*Foto-dresaka*: Ny tody.

*Foto-kevitra*: Manana ny maha izy azy ny tody.

RH1: Ny toetra ananan'ny tody.

ZK1: Tsy maintsy mihatra na tsy azo ialana ny tody.

PK: « *Ny lalan'ny tody, hoy ny Ntaolo, dia miompana amin'ny hoe: « Mandrora mitsilany ka mahavoa tena » »*.

ZK2: Tsy maintsy mifanaraka tsara amin'izay nataon'ny tsirairay ny tody.

PK: « *Ny atao toy ny salaka: soa atao, mihodidina; ratsy atao, mihodidina* ».

RH2: Ny vokatry ny finoana ny tody.

ZK1: Mamolavola fitondran-tena mendrika ho an'ny tsirairay ny finoana ny tody.

PK: « *...tsy mba tahotra ny afobe sy ny fahatezeran'Andriamanitra no misakana ny razana malagasy tsy hanao ratsy, fa noho ny fahalalany sy ny finoany fa misy ny « tody » »*.

ZK2: Mampisongadina ny maha-izy azy ny firenena ny finoana ny tody.

PK: « Ny hasin'ny tody no zavatra anankiray mampijoro ny Malagasy ho firenena miavaka... ».

## FANADIHADIANA FENO IZAY HORAKETINA AO AMIN'NY TARATASIM-PANADINANA

Ny tody ? Finoana iray anisan'ireo nentin'ny Ntaolo nandrindra ny fianam-piaraha-moniny. Ny mpandinika tsirairay avy anefa dia samy manana izay ambarany mikasika azy io. Iray amin'ireny ny voalazan'i Joseph RAKOTONIRAINY, eto amin'ity lahatsoratra ity, izay mitondra ny lohateny hoe: « *Ny finoana* ny tody », notsongaina tao amin'ny Fahendrena malagasy, takila 70. *Asongadiny eto fa manana ny maha izy azy ny tody. Mba hahafahana manadihady izany dia hodinihina voalohany, etsy ambany, ny toetra ananan'ny tody ; faharoa*, ny vokatry ny finoana azy.

*Fa inona tokoa moa ny toetra mety hananan'ny tody araka ny voalazan'ity lahatsoratra ity? Ny asongadin'ny mpanoratra voalohany amin'izany dia ny fahitana fa tsy maintsy mihatra na tsy azo ialana izy io. Ny olona tsirairay, eo amin'ny fiaraha-monina misy azy, dia samy mandray ny valin'asany avokoa na tsara nataony na ratsy, ka mino sy manaiky izany ny Malagasy, indrindra fa ny Ntaolo.Izany hoe : tsy misy afa-bela amin'izay valin'ny nataony eo amin'ny fiainana ny rehetra, na ho ela na ho haingana.* Manaporofo izany ny mpanoratra **amin'ny hoe: « Ny lalàn'ny tody, hoy ny Ntaolo, dia miompana amin'ny hoe: « Mandrora mitsilany ka mahavoa tena » ».** Ny azo tsoahina amin'izany dia izao: Zava-poana ny herin'ny tsirairay manoloana ny tody.

**Ankoatra izany**, tsy maintsy mifanaraka tsara *amin'izay nataon'ny tsirairay* ny tody. Araka izany dia valin'asa *mifandanja amin'izay vitan'ny tsirairay teo amin'ny fianana ny tody.* Raha toa ny *mifanohitra amin'izay no mitranga, dia mahatsapa ho tsy afa-po eo amin'ny toerana izay misy azy ny Malagasy. Ny tsara raha mivaly ratsy, dia hafahafa aminy izany; toy izany koa, ny ratsy mivaly tsara.* Ny tsirairay, dia tokony *efa hiandrandra valin'asa sahady, araka ny asany avy, eo amin'izay nataony. Hanamafisana izany indrindra no nindraman'ny mpanoratra ny ohabolan'ny Ntaolo hoe:* ***« Ny atao toy ny salaka: soa atao, mihodidina; ratsy atao, mihodidina »****.Tsy afaka hifanohitra amin'izay ataon' ny tsirairay ny lalàn'ny tody.*

***Hita teo àry fa manana izay toetra mampiavaka azy ny tody: tsy maintsy mihatra izy, tsy azo ialana ary tsy maintsy mirindra amin'izay nataon'ny tsirairay ihany koa. Fa mba inona kosa ireo vokatry ny finoana azy?***

Mety hiseho amin'ny endrika maro eo amin'ny fiaraha-monina ny finoana ny tody, fa ny hita taratra indrindra amin'ireny, dia ny fahitana fa mamolavola fitondran-tena mendrika ho an'ny tsirairay ny finoana azy io. Noho ny tahotra io valin'asa io dia miezaka hanaja ny lalàn'ny fiaraha-monina ny rehetra .Na tsy ny fiaraha-monina aza no hanafay amin'izay ratsy atao, dia mitambesatra foana ny finoana fa misy ny tody miandry any aoriana. Koa mba hisian'ny filaminan-tsaina, dia aleo mitafy fahamendrehana manoloana ny mpiara-belona. Porofoin'ny mpanoratra izany amin'ny hoe: « ...**tsy mba tahotra ny afobe sy ny fahatezeran'Andriamanitra no misakana ny razana malagasy tsy hanao ratsy, fa noho ny fahalalany sy ny finoany fa misy ny « tody »** ». Arofanina tsy hianjerana amin'ny ratsy ny finoana ny tody.

**Andanin'izany,** mampisongadina ny maha-izy azy ny firenena izany. Ny firenena tsirairay avy mantsy dia samy manana ny finoana izay mampiavaka azy amin'ny hafa, ka kolon-tsaina iray manamarika ny maha- Malagasy io. Taratry ny fananana kolon-tsaina tsy miankin-doha amin'ny hafa sy madio rano izany ary rehareha ho an'ny Malagasy iray manontolo. Toa manamarina izany ny lahatsoratra amin'ny hoe: « **Ny hasin'ny tody no zavatra anankiray mampijoro ny Malagasy ho firenena miavaka...** ». Famantatra iray lehibe ho an'ny firenena malagasy ny finoany ny tody

Raha fintinina izay voalaza teo ambony dia hita fa manana izay mampiavaka azy raha ny tody, noho ireo toetra ananany sy ny fiantraikan'ny finoan'ny olona azy io .Azo lazaina àry fa fitaovana iray mahomby hoentin'ny fiaraha-monina miatrika ny fandrindrana ny fiainany ny tody. Ilaina ny fanamafisana orina hatrany io finoana iray io, hisian'ny filaminana eo amin'ny fiaraha-monina.Ny fampiasan'ny mpanoratra ireo ohabolana ao amin'ny asany dia efa lalana iray handresen-dahatra ny mpamaky. Inona anefa no hatao mba tsy hahatonga ny tody ho finoanoam-poana, ka hisakana ny olona ho amin'ny fandrosoana?